

Talata 29 septambra 2026 - Lapam-panjakana Iavoloha

I. FAMPITANA AM-BAVA

FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fananganana ny « Haut-commissariat de la Jeunesse en charge de l'Engagement Citoyen et de la Lutte contre la Corruption (HCJ-ECLC) » eo anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblika, ahitana ireo tanora, ka hifototra amin'ny fampandraisana anjara ny olom-pirenena amin'ny ady atao amin'ny kolikoly.

MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fivoriana faharoa an'ny Vaomiera iraisana misahana ny fifandraisana roa lafy eo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fanjakan'i Maroc.

MINISITERAN'NY FITSARANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fahazoan-dalana hanao fifanarahana mivantana (*gré à gré*) noho ny hamehana, ho fanatanterahana ny asa fametrahana kaody ireo taratasy valim-panadinana sy fanangonana ny voka-panadinana amin'ny fifaninanana fandraisana mpianatra ho mpitsara, sampana ady ifanaovan'ny samy olon-tsotra amin'ny olon-tsotra (section judiciaire).
- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny soso-kevitra amin'ny tetiandro hitokanana ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany ao Bealanana izay kasaina hatao ny alatsinainy 12 oktobra na ny talata 13 oktobra 2026.

MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fiomanana amin'ny fiatrehana ny El Nino.

MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA + MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanamafisana ny fifandraisana ana habakabaka anatin'ny iraisampirenena eto Madagasikara ary ny fandraisan'ny Fanjakana an-tanana ny fividianana fiaramanidina Boeing 737-700 ho an'ny Madagascar Airlines S.A.

MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny vinavinan-kevitra mikasika ny fametrahana ny fomba fiasa API-PNR na fampahalalana mialoha momba ny mpandeha sy fitahirizana ny anaran'ny mpandeha.

MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA + MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY RAHARAHAN-TANY

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanafoanana ny fananana amin'ny anarana "*Sûreté Générale*", TN° 11.992-A, ao Antanimora, Antananarivo, sy famindrana izany ho amin'ny anaran'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka.

MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanetsehana ireo mpanapa-kevitra eo anivon'ny Minisitera mba hanafainganana ny fampihenana ny fahafatesan'ny reny sy ny zaza vao teraka.
- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fidiran'i Madagasikara ao amin'ny hetsika *SAFER* an'ny Fikambanana iraisampirenena momba ny Fahasalamana (*OMS*) ho fampihenana ny fampiasana alikaola manimba.

MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBARATONGA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANSA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fananganana fankatoavana hanatanterahana ny fikarakarana ny *Universiade* 2026 izay hatao any Antsirabe manomboka ny 30 oktobra ka hatramin'ny 08 novambra 2026.

MINISITERAN'NY FAMPIANARANA TEKNIKA SY FANOFANANA ARAKA ASA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny tatitry ny hetsika loa-bary an-dasy sy fampirantiana momba ny sehatry ny asa.



- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fitokanana ny Lisea teknikina misahana ny fambolena Akamasoa Antolojanahary (LTAAA), Kaominina Mahavelona, Distrikan' Ankazobe, ny 2 oktobra 2026.
- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fandraisana an-tanana ny saran-dalan'ireo mpianatra nahazo vatsim-pianarana ao anatin'ny fiaraha-miasa eo amin'i Madagasikara sy Maroc.
- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fampiasana ny ambim-bola amin'ny Drafitrana Fampiasam-bolam-panjakana PIP voalohany 2026 ho famatsiam-bola ny asa fanampiny.

MINISITERAN'NY FAMPIDRANOANA TEKNIKA SY FANOFANANA ARAKA ASA + MINISITERAN'NY FAMPANDROSOANA NOMERIKA, NY PAOSITRA ARY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny sehatra an-tserasera ho an'ny fampivelarana, fanombanana ary fanamarinana ny fahaiza-manao nomerika iombonana, iarahana amin'ny *GIP Pix*, hananganana “*centre de formation et de certification numérique*” eto Madagasikara.

MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FAHALEOVANTENA ARA-TSAKAFO

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fikarakarana fifaninanana ara-pambolena manerana ny Nosy.

MINISITERAN'NY FAMPIDRANOBOANA NY INDOSTRIA SY NY FAMPIVELARANANA NY SEHATRA TSY MIANKINA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fametrahana ny Firaisan-draharaha Mpitsirika momba ny indostria eto Madagasikara.

MINISITERAN'NY VAROTRA SY NY FANJIFANA + MINISITERAN'NY FIOMPIANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava iombonanana mikasika ny fametrahana ny paikady sy ny fepetra mialoha ahafahana mamadika ny lafarinina tsy azon'ny olombelona hanina intsony (farine avariée) ho lasa sakafo-biby. Ho fiarovana ny mpanjifa dia marihina fa ny lafarinina lany daty (farine périmée) dia tsy voakasik'ity ary tsy maintsy hodorana avy hatrany.



MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanafoanana ny fandoavana ny haba sy hetra amin'ny fanafarana na *DTI* ho an'ireo maoteran'ny fiaramanidin'ny kaompaniam-pitaterana ana habakabaka nasiônaly.

MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORAN'AFO

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny tatitra amin'ny famindrana vata mpanova angovon'aratra (transformateur) matanjaka 25 MVA avy ao amin'ny Tobimpamatsiana herinaratra Tanà Atsimo mankany amin'ny tobin-jiro mandeha amin'ny herin'ny rano ao Mandraka.
- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fahazoan-dalana amin'ny famindrana ny fanampiana ara-bola ho an'ny orinasa Jiro sy Rano Malagasy (JIRAMA) amin'ny tetibola taona 2026.
- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana hanohizana ny dingana amin'ny fiarovana ara-pananan-tany ireo tany natokana ho an'ny tetikasa famokarana herinaratra avy amin'ny herin'ny masoandro an'ny JIRAMA ao Mahajanga sy Nosy Be.

MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fahazoan-dalana hanao sonia ny Fifanarahana amin'ny endrika *Protocole d'Accord* amin'ny *Compagnie Générale d'Hydroélectricité de Volobe (CGHV)*, mikasika ireo fepetra fanatsarana ny saran-jiro nifanarahana ny andaniny sy ankilany – Tetikasa Volobe *Amont*.

MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FANDROSOANA LOVAINJAFY

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fandraisan'i Madagasikara anjara amin'ny fihaonambe faha-17 (*COP17*) an'ireo Firenena Mpikambana ao anatin'ny Fifanarahana momba ny Karazan-javamananaina (*CDB*), sy ny fivorian'ireo Firenena Mpikambana amin'ny Fifanarahana Cartagena (*COP-MOP12*) sy ny Fifanarahana Nagoya (*COP-MOP6*) izay hatao miaraka aminy ny 19 ka hatramin'ny 30 oktobra 2026 any Everan, Repoblikan'i Armenia.

MINISITERAN' NY RANO, NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fankatoavana ny fiaraha-mientan'ny Minisiteran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana (*MEAH*) ary ny *Sanitation and Water for All (SWA)*, izay mikendry ny hametrahana ny fanadiovana ho laharam-pahamehana nasiônaly.



**MINISITERAN' NY RANO, NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA +
MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA +
MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA + MINISITERAN'NY TONTOLO
IAINANA SY NY FANDROSOANA LOVAINJAFY**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava iombonana mikasika ny fametrahana ho Androm-pirenena ho an'ny Fanadiovana sy ny Fidiovana, antsoina hoe « Fanadiovana Faobe Nasionaly », ankalazaina isan-taona ny faha 20 jona eto Madagasikara.

**MINISITERAN' NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA + MINISTERAN'NY
FITSARANA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA +
MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA + MINISITERA DELEGE MISAHANA
NY ZANDARIMARIA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana tetibola ho amin'ny fampiharana nasiônaly ny fandaharanasa momba ny olom-pirenena vanona eto amin'ny sehatra ana habaka sy ny Fanofanana amin'ny Fikarohana fandikan-dalàna.

MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fankatoavana sy fandraisan'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena an-tanana ny fandania mifandraika amin'ny fikarakarana ny Atrikasa Nasiônaly Fanamafisana sy Fampivondronana ny Vokatry ny Fakan-kevitra isam-paritra momba ny Pôlitika Nasiônaly momba ny Fanatanjahantena (*PNS*).

MINISITERA DELEGE MISAHANA NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanomezana anarana ôfisialy ny toby Zandarimaria ao Tsaramandroso, Fianarantsoa ho “Toby Jeneraly RABOTOARISON Charles Sylvain”.
- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanomezana tombontsoa amin'ny faharetan'ny fitondrana ny galona ho an'ireo Zandary nandray anjara tamin'ny hetsika fandavana ny tambajotran'ireo mpanao fakàna an-keriny sy famonoana olona manana toe-tena varira tany amin'ny faritra atsimon'i Madagasikara.



II. FANDRAISANA DIDY AMAN-DALANA

FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA

- Nolanina ny didim-panjakana manalava ny faharetan'ny hamehana momba ny angovo manerana ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

- Nolanina ny didim-panjakana manangana sy manokatra Masoivoho malagasy any amin'ny Repoblika Arabon'i Ejipta.

MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nolanina ny didim-panjakana momba ny fanampim-bola amin'ny tombana amin'ny vola miditra sy ny fandanianana ho an'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fahaleovantena Arotsakafo (*MiASA*), ao anatin'ny lalàn'ny tetibola fanitsiana ho an'ny taona 2026, noho ny vokatra ara-bola avy amin'ny famaranana tetikasa "*Jeunes Entreprises Rurales dans le Moyen Ouest (PROJERMO)*", mitentina 2 084 289 343 ariary.

MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY RAHARAHAN-TANY

- Nolanina ny didim-panjakana ilazana fa fanasoavam-bahoaka ny asa fanamboarana ny lalana mampitohy an'i Masay sy Ambodivona, ao amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, Faritra Analamanga sy ny andraisana amin'ny alalan'ny raharaham-pihavanana, na amin'ny alalan'ny fanesorana amin'ny tompony noho ny antony fanasoavam-bahoaka ny fizakana ireo tany ilaina amin'izany.
- Nolanina ny didim-panjakana manambara fa ilaina noho ny antony fanasoavam-bahoaka ireo tany natokana ho an'ireo fananganana fampitaovana voafaritra ao amin'ny drafitra fanajariana ifaharan'i Sainte Marie izay voafaritry ny fari-piadidiana ara-pitondrandraharahan'ny Kaominina Ambonivohitra Sainte Marie.

MINISITERAN'NY VAROTRA SY NY FANJIFANA

- Nolanina ny volavolan-dalàna momba ny Fepetra Fanitsiana ara-barotra sy ny tahirimbola fanohanana ny fampandrosoana ary ny fanadiovana ny varotra.



MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA

- Nolanina ny didim-panjakana manova sy mameno ny fepetra sasantsasany amin'ny didim-panjakana laharana faha-98-434 tamin'ny 16 jona 1998 anaovana ny sata sy ny fampandehanan-draharahan'ny *Office Malagasy du Droit d'Auteur (OMDA)*, araka ny efa novana sy nofenoiny, sy ny didim-panjakana laharana faha-2025-1507 tamin'ny 2 desambra 2025 mametra ny tambin'ny zon'ny mpamorona sy ny zo mifandraika aminy, ary mandamina ny fitantanana mpanatanteraka manokana ny sehatra, ataon'ny *APASER*, ny zon'ny mpamorona sy ny zo mifandraika aminy momba ny sanganasa, ny fampisehoana ara-javakanto, ny rakitsary ary ny fandaharana amin'ny haino aman-jery sy sarimihetsika.

III. FANAFOANANA FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

- Noraisina ny didim-panjakana manafonana ny didim-panjakana laharana faha 2024-670 tamin'ny 3 martsa 2024 nanendrena ny Lehiben'ny Prefektioran'i Maevatanàna.

MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBARATONGA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANSA

- Noraisina ny didim-panjakana manova ny fepetra sasantsasany voalaza ao amin'ny didim-panjakana laharana faha 2026-047 tamin'ny 8 janoary 2026 ny amin'izay mahakasika ny fanendrena ny Filohan'ny Oniversiten'Itasy ireny ihany.

Antananarivo, 29 septambra 2026,

Rahajason Harry Laurent

Talen'ny Serasera

eto anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblika

